# Ilay Voa Tsara Nafafy 26 Mey 2018

**26** **Asabotsy**
mey

**Ary amin'izany dia tsy misy fanamelohana ho an' izay ao amin'i Kristy Jesosy. Fa ao amin'i Kristy Jesosy ny lalànan'ny Fanahin'aina no nahafaka ahy tamin'ny lalànan'ny fahotana sy ny fahafatesana.**
Romana 8. 1-2

**Gadra hoe ?**

„Tena hafahafa mihitsy ireto rindrina ireto. Halanao aloha izy amin'ny voalohany, fa avy eo ianao dia mihazatra azy. Ary afaka fotoana vitsivitsy dia manjary miankin-doha aminy". Toy izany no nanoritsoritana gadra iray ny nahatonga azy ho zatra mahita ny rindrin'ny fonjany. Tsy toy izany koa ve isika rehefa manaiky hanao ratsy ? Ampanginintsika aloha ny fieritreretana, amin'ny voalohany. Avy eo isika dia manandrana manafina ilay fahadisoana, satria mahafantatra ihany fa ratsy ny nataontsika. Menatra isika, toy ny sorena amin'ny tenantsika.

Ary raha tafalatsaka ao anatin'io fahadisoana io indray isika, fotoana vitsivitsy atỳ aoriana, dia manjary gadra. Ny fahazarana dia mitarika antsika hahazo aina rehefa miaraka amin'ny ota. Farany, dia manjary miankin-doha amin'ny ota isika. Rehefa tafiditra ao amin'izany toe-javatra mifampitohitohy izany isika, dia very ilay tena fahafahantsika.

Fa Andriamanitra kosa te hanafaka antsika amin'io herin'ny ota io. Izany no nanomezany ny Zanany, dia Jesosy Kristy. Izy, Ilay hany marina, Ilay hany olombelona tsy mba nanota mihitsy tetỳ an-tany, no nisolo toerana antsika teo amin'ny hazofijaliana, nizaka ny fanamelohana sahaza antsika. Maty Izy ary nanolotra ny ainy, hamonjy ahy. Mba hahafahako amin'ny ota, dia manana zo aho hanao ny tenako ho miara-maty aminy sy ho velona ho Azy.

Aoka isika tsy hifankazatra amin'ny ota ! Tsy ampy ny faniriana hanao ny tsara. Tsy maintsy miaiky am-pahatsorana amin'Andriamanitra ny fahotantsika isika, ary tsy maintsy mahita famelan-keloka sy fiadanana ary fahafahana feno ao aminy. Dia hahazo hery anoherana ny ratsy isika. Tonga tetỳ an-tany Kristy mba hanafaka antsika tsy ho andevon'ny ota intsony (Galatiana 5. 1). Aoka isika hitoky aminy. Izy no Ilay Mpamonjy, Izy no hany Mpamonjy.